Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

Tratry ny aretina « adalàn'ny fanambonian-tena »

Tratry ny aretina "adalàna fanambonian-tena" izao fitondrana izao ka jamba tanteraka tsy mahita izay tsy maintsy hatao sy tsy tokony hatao, manoloana ny toe-draharaha iainan'ny mpiray Tanindrazana aminy. Mahantra zara raha mihinan-kanina, ary efa mananika ny roa tapitrisa no tratry ny tsy fanjarian-tsakafo any Atsimon'ny Nosy kanefa dia namono omby amam-polony tany Avaratra. Angamba efa ampy iny hetsika nataon'ny filohan'ny Repoblika sy ny vadiny nandoatra vary ho an'ny mponina tany Atsimo iny. Na izany na tsy izany dia fisehosehoana manampi-maso miserana ihany ireny kanefa vahaolana maharitra sy voarindra no ilain'ny vahoaka mahantra 92% ny mponina eto Madagasikara. Alefa ny serasera am-bava mampamirapiratra ny zava-bita lazaina fa manara-penitra kanefa rehefa mivoaka ny sarin'izay nolazaina ho toy izany dia mamirapiratra ny lokom-boasary kanefa dia rindrina mitriatra sy vakivaky ary mihotsaka no mitanila aminy. Averimberin'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina foana isaky ny mitokana na mametraka "vato fototra", fa tsy mbola nisy nahavita izay ataony ny fitondrana nifandimby teto nandritra ny 60 taona. Tena marina tokoa izany saingy amin'ny endriny miiba. Tsy mbola nisy filoham-pirenena nitokana toerana fampiadiana akoholahy toy ny nataon-dRajoelina Andry tany Antsiranana tokoa. Tsy mbola nisy filoham-pirenena tsy nahafantatra fa ny omby vositra dia tsy azo angalana taranaka izany. Tsy mbola nisy filoham-pirenena tsy mahalala fa misy Faritra mamokatra vary in-droa na in-telo isan-taona toa an-dRajoelina Andry, izay nilaza ampahibemaso fa 2 taona vao miakatra ny vary, ka aleo mamboly "artémesia". Tsy mbola nisy Filohan'ny Fahefana Mpanatanteraka ka nanala takelaka manamarika fa efa nametrahan'ny teo aloha vato fehizoro ny fotodrafitrasan'ny làlana na trano iray, ka soloina takelaka milaza fa Rajoelina Andry no nanao izany. Araka izany dia tsy mbola nisy Filoham-pirenena tsy nahalala, fa misy ny fitohizan'ny raharaham-panjakana (continuité de l'Etat), ka lasa misoloky fa izy no nahazo sy tompon'ny tetikasa. Entina manaporofo izany ny nanambaran'ny filohan'ny Repoblika tamin'ny fitokanana ny "rocade' fa tamin'ny taona 2011, no nanaovany sonia ny nahazoana famatsiam-bola nanamboarana izany. Tsy mbola fahita teto amin'ity Firenena ity ny fiezahana namafa izay nataon'ny mpitondra teo aloha, ka nilazan'ny filohan'ny Repoblika fa tsy nisy nahavita nanangana sekoly betsaka noho izy teto amin'ny firenena. Ny zavatra iainan'ny ankizy sy ny tanora ankehitriny eo amin'ny sehatry ny fanabeazana anefa dia tsy mbola hita teto nandritra ny 60 taona. Marina izany satria tsy mbola nisy fanadinana bakalorea naverina ho an'ny tsy afaka raha tsy tamin'ny taona 2019, noho ny nivoahan'ny laza adina mialohan'ny fotoana. Tsy hita teto amin'ity Firenena ity izany mpandraharaha eny amin'ny Anjerimanontolo sy eny amin'ny sehatra hafa mitokona izany noho ny tsy fandraisany karama raha tsy amin'izao Repoblika IV-2 izao. Nisy ny famoahana antsokosoko harem-pirenena toy ny volamena sy andramena toy izay nisy tamin'ny tetezamita sy amin'izao fotoana izao, izay niteraka fahafaham-baraka ho an'ny mpitondra sy fatiantoka ho an'ny Firenena. Nirehareha Rajoelina Andry fa tsy mila ny famatsiambola avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola mahazatra fa mahavita tena ary hampisambotra an'i Kaomoro aza, kanefa tsy mbola nisy Filoham-pirenena nanao toa azy izay mijaridina ao afaran'ny minisitry ny Vola sy Toekarena sy ny mpamatsy vola manao sonia ny fifanarahana ara-bola hamatsiana tetikasa na fanampiana an'i Madagasikara. Vao omaly indray dia nandatsa ny vahoaka tsy ampy sakafo any Atsimo, ka nanolotra omby 13 ho an'ny ben'ny tanàna any an-toerana ny filohan'ny Repoblika, raha nametraka ny "vato fototry" ny fanombohan'ny Làlam-pirenena 13, izay efa nidedahana fa tsy maintsy vita herintaona lasa izay ary nanambarana ihany koa fa "tsy hanao politika intsony raha tsy vita tamin'izany ity làlam-pirenena ity. Tsy mbola nisy Filoham-pirenena nandihy tamin'ny Fotoam-pivavahana toy izay nataon-dRajoelina Andry tao Mahamasina tamin'ny Alahady nandritra ny fanokafana ny fankalazana ny Fetim-pirenena. Hanafatra jiro hanjelanjelatra manerana ny tanàna ny fitondrana mandritra izao "Asaramanitra" izao kanefa dia miaina delestazy tsy mbola nisy toy izany ny vahoaka. Ny faniriana dia tsy hitarika "fahajambana" ho an'ny valalabemandry mandritra ny taona maro ho avy indray izany "mamirapiratra" ao anatin'ny andro vitsivitsy izany!

Andry Tsiavalona

Tranoben'ny Serasera sy ny Kolontsaina

Vita kitoatoa, vola nariana ny fanamboarana ny tany Morondava

Vola nariana fotsiny ny fanamboarana ny Tranoben'ny Serasera sy ny Kolontsaina tany Morondava, noho ny baikon'ny minisitra Lalatiana Andriantongarivo Rakotondrazafy. Potika ary efa hirodana sahady ny Tranoben'ny Serasera sy ny Kolontsaina Morondava, raha mbola ao anatin'ny asa famaranana tanteraka satria dia nihotsaka ny plafond, ka nitarika ny fahavakisan'ny rindrina. Araka ny fanadihadiana natao dia nohon'ny baikondRamatoa minisitra Lalatiana no nahatonga ny fahasimbana, satria dia efa ho in-4 ny teknisianina no nilaza fa tokony hasiana andry mitazona ny plafond saingy nanda izany ny minisitera ary nanome baiko fa tsy ilaina izany, fa manakona ny mpijery satria hatao fanaovana fampisehoana io tranobe io. Rehefa nivoaka tamin'ny tambazotran-tserasera moa ny sahy naneho ny fahasimbana dia nilaza ramatoa minisitra fa olana eo amin'ny toerana nanaovana ny foto-drafitr'asa no nahatonga ny fahasimbana, izany hoe natao petatoko izany fa tsy nisy fitsirihana ny toerana akory . Ny asa koa tsy misy manara-maso fa dia mandeha ho azy ary araky ny nolazain'ireo olona mipetraka manodidina ity foto-drafitr'asa ity dia samy manao izay ahazoany ny anjarany na ny lehibe na ny madinika satria dia maro ireo simenitra avy ao no hamidy eo Bemanonga, izay kaominina misy ity foto-drafitr'asa ity. Tsara ho marihina fa eo anilany eo ny tranoben'ny mpianatra amin'ny Oniverisite na Campus Universitaire, izay efa notokanana nefa hatramin'izao tsy misy fitaovana sady ny Oniversite koa moa hatreto dia mbola tsy fantatra hoe aiza no asiana azy, satria dia efa in-3 no nanaovana hady fototra tamin'ny toerana samy hafa . Raha ny resaka foto-drafitr'asa manara-penitra ato Menabe no jerena dia tsy mety vita toy ireo efitrano sekoly efitra roa, izay efa ho roa taona tsy vita. Ny entreprise ny solombavambahoaka no manao azy. Na koa zara fa vita ireo foto-drafitrasa aty Menabe, toy ny CSAO sy ity Tranoben'ny Serasera sy ny Kolontsaina ity, eo koa ny Kianja manara-penitra izay efa hatramin'ny tetezamita tsy vita hatramin'izao, efa nanomboka mitriatra amin'izao, saingy hafenina tsy azo alain'ny mpanao gazety sary .

Tranoben'ny Serasera sy ny kolontsaina, izay efa simba sahady any Morondava.

Ka sao dia tsy foto-drafitr'asa manara-penitra no hatsangana fa famosaviana ny vahoaka manara-penitra ? Hatreto dia sady tsy mahafa-po no tsy manaja fotoana ny fananganana ireo foto-drafitrasa lazaina fa manara-penitra ato Menabe. Raha ny fanadihadiana, orinasan'ny akamakama tsy matihanina no mana ireo asa ireny, ka kitoatoa ny fahavitany.

Rajepa

facebook NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Aza mihatsaravelatsihy amin'ny hiram-pivavahana

Avoahay Ninie Donia miaro ny tanin'ny Malagasy madinika

Bernard Rasolonjatovo : Aza mampiesona @ hira fivavahana mitory fitiavana, nefa managadra olom-pirenena tsy manan-tsiny mitaky ny tany ho an'ny Malagasy, fa tsy an'ireo vahiny. miala miala miala Rajoelina jadona mpihatsara ivelan-tsihy sy mpamitaka vahoaka.

Celestin Rakotoarimanana: ovana kely indray ny anarana manomboka izao, raininainga ve sa rahip...ocrite ?

Manitra VatoSoa: Celestin Rakotoarimanana: anaô eiiiiiiinnnn ! Kkkkkkk!

Bernard Rasolonjatovo: tsy hita intsony izay iantsoana azy.

Jean Aurelien : corbeau izy koa nanova @ akanjo mainty.

Bernard Rasolonjatovo : Jean Aurelien : porte malheur.

Rakotomalala Maminiaina : mieritreritra zao ve reo hoe, manao demonstration de force, fa hifidy azy daholo ireo olona ireo, ho diso hevitra.

Raissa Razaka : ka tsy izay moa ilay tanjony ? ampiasainy daholo izay azony ampiasaina rehetra pour arriver à ses fins.

Bernard Rasolonjatovo : tsy ferana fa maro dia maro ireo mpiray tanindrazana tena marivo salosana...na ataony mifidy azy an-kolaka @ système doublon mahazatra.

Jamislal Ralal : vavaka tsisy Baiboly , mihambahamba .

Bernard Rasolonjatovo : toa manitsaka baiboly mihintsy ny fihetsika ataony.

Raissa Razaka: ireto mpihira evanjelika najobony koa no tena grave, mitady hanjono ny ondry ao ambala indray fa tsy tafa intsony , satria hoe mpivavaka ny gasy dia any no hanjonoana azy! ny lainga tohizana ihany, ny fampahantrana vahoaka mandeha ihany dia hoe niova …

Maryse La Sambavienne : mpihatsaravelatsihy.

Lala Mia : sady mpandainga !

Bernard Rasolonjatovo : Tompon'ny lainga.

Ryand Ovin : Andriamanitra anie tsy hitady olo-marina fa hamonjy ny mpanota koa e !

Bernard Rasolonjatovo : Ryand Ovin: fa io Jodasy mpamadika efa tsy avotra intsony.

Madov Vazison : ndriiiiii mampalahelo ilay toe-tsaina. Fankahalana sisa no azonareo mpanohitra atao!

Bernard Rasolonjatovo: Madov Vazison: Aza mapme eo! iza no feno fankahalana ny olona milaza ny zavamisy tsy rariny sa ny mpamita-bahoaka? aza ahodina any amin'ny resaka sentiments ny tsy fahamarinana sy tsy faombiazana ary koa ny toetra mahavoafadin'io filou io.

TONONKALO

Rehefa tsy handray andraikitra ireo....

Hay ianao ve nihalangalana tsy nikasa handray andraikitra,
Raha tsy teo ny tsindrom-paingotra izay tsaroanao ho nanaikitra?
Nanakiana ny vahiny sy ny iraisam-pirenena,
Izay ianao vao tonga saina , niezaka hanatsara tena ?

Fa raha toa ny Malagasy toa anao no mba miteny,
Dia lazaina sy hafokaina fa mirediredy ireny ?
"Tsy fitiavana no betsaka , tsy mankaiza ireo fa vitsy".
Izany foana no hitsarana ireo mba miezaka ny hanitsy ?

Praiminisitra , minisitra, ny tale sy ny eo ambany,
Moa tsy ianao , ianao daholo no nametraka an`izany ?
Sa dia tongatonga ho azy ireo ilay tsy mahomby ireo,
Ka iny ianao no miala bala sy mampiakapiaka-peo ?

Ianao no lohany ka aoka tsy hiafinafina endrika.
Ianao no kapitenin-tsambo na misosa io na ho rendrika,
K`aza ailika amin`ny hafa ireo rehetra tsy fetezana,
Fa ianao no tena sefo, sefon`ny mpanao letrezana !

...Koa anterina eto indray hoe : aza mialaala bala,
Fa ny mahatsara anao dia tsotra ihany : ny miala .
Efa zavatra tsy hay ka aoka re mba tsy hibitaka.
Ampy izay ny laingalainga sy karazam-pitapitaka !

DADAN`i ZINA (18-06-22)